**16.** Ho an'ireo vondrona kristiana izay manolotra asa famokarana ho an'ny vehivavy ho fidiram-bola, toy ny fambolena sy ny fanamboarana savony mba hahafahan'izy ireo mandoa ny saram-pianarana sy vidim-bokin'ny zanany.

**17.** Mba hikarakara tsara ireo vehivavy sy ankizivavy ao amin'ny fianakaviany ny raim-pianakaviana, ny vady, ny anadahy, ny dadatoa, dadafara sy ireo lehilahy rehetra ao anatin'ny fianakaviana, ary mba hiaro azy ireo izy ireo amin'ny alalan'ny fitakiany ny hafa mba hanaja azy ireo satria izy ireo dia zanakavavy sarobidin'Andriamanitra.

**18.** Ho an'ny vehivavy Ivoariana mpamokatra ny fandaharana « Femmes d'Espoir » (Vehivavin'ny Fanantenana) *amin'ny fiteny frantsay, izay henoina any Bénin, Borkina Fasô, Côte d'Ivoire, Mali, Niger sy Tôgô. Mivavaha ihany koa ho an'ny onjampeo « onde moyenne* » mba hahafahan'ny olona maro any Kamerona, Chad, Ginea, Maoritania, Nigeria ary Senegal izay mbola tsy nandre mba hihaino ilay fandaharana amin'ny fitenin'izy ireo.

**19.** Mivavaha ho an'ny vondrom-bavaka miisa 35 mampivondrona vehivavy 2200 izay mahery noho ny vavaka, ny fihainoana, ny fianarana, ny fitomboana ary amin'ny alalan'ny fanomezana ataony ho fanampianana ny hafa mba hahafantatra an'Andriamanitra. Miderà an'Andriamanitra fa ny lohahevitry ny vavaka amin'ny fiteny frantsay dia efa afaka henoina ao amin'ny Facebook na amin'ny fampiasana ny teknolojia vaovao toy ny « *carte mémoire* » amin'izao fotoana izao, izay tena zava-dehibe tokoa ho an'ireo izay tsy mahay mamaky teny.

**20.** Mba halalaka ny fahazoana ny vakisiny, ny fanafody, ny vitamina, ny lay misy ody moka sy ny fomba nohatsaraina mahakasika ny fampinonoan-dreny, ary koa ny mahakasika ny ara-pahasalamana sy fahadiovana izay hahafahana misoroka ireo aretina mahafaty ny zaza amam-behivavy.

**21.** Mivavaha ho an'ny fahendrena sy finoana matanjaka ho an'ny fianakaviana izay mitaiza ireo zanany amin'ny fampahafantarana azy ireo fa ny lalàn'Andriamanitra dia manampy azy ireo hanana fiainana salama sy mahafapo izay manome voninahitra an'Andriamanitra, ary mitondra azy ireo ho amin'ny hoavy tsaratsara kokoa. « *Sambatra izay olona mihaino ahy ka miari-tory mandrakariva eo am-bavahadiko, ary miandry eo amin' ny tolam-baravarako.*» (Ohabolana 8:34)

**22.** Mba hiarovan'Andriamanitra ny vehivavy sy ny zanak'izy ireo izay tsy manana fahafahana loatra mahazo fanafody any amin'ny faritra tena mbola misy ny tazomoka, ny tazo tefoedra, ny tazo mavo ary ny « *méningite* ».

**23.** Ny Fanahy Masina anie hameno ny kristiana miaina any amin'ireo tontolo maizina noho ny herin'ny fivavahana hafa sy ny fomba amam-panao ara-kolotsaina toy ny mpanao ody, ny fanandevozana sy ny fanaovana ankizy ho sorona.

**24.** Mivavaha mba ho afaka hiditra indray any Ghana ny fandikana sy ny fanapariahana ireo fandaharam-bavaka, ary mba ho afaka hovokarina ny fandaharana "*Femmes d'Espoir*" (Vehivavin'ny Fanantenana) *amin'ny fiteny « twi »*.

**25.** Mivavaha ho an'ireo vehivavy Nizeriana an'arivony maro izay nalain'ireo mpanao raharaha maizina an-keriny tao Libya raha saika nifindra monina tany amin'ny firenena iray izay hahitan'izy ireo asa hamelomany ny fianakaviany.

**26.** Ireo tompon'andraiki-piangonana anie mba hampianatra ny lehilahy hanaja sy hiaro ny vehivavy sy ny zazavavy. Mivavaha mba hifanaja ny vehivavy sy ny zatovovavy, ary mba tsy hamela ny lehilahy hamitaka azy ireo, fa mba hanaja azy ireo amim-pahamendrehana ny lehilahy, hanambady azy ireo sy hanome izay ilain'ny fianakaviany.

**27.** Mivavaha ho an'ireo vehivavy mpino ao amin'ny Repoblika Demaokratikan'i Congo izay miara-mivavaka amintsika na dia eo anivon'ny toe-javatra mahatsiravina sy ny fahasimbana vokatry ny fifandonana maro ao amin'ny faritra aza. Mivavaha ho an'ny fandriam-pahalemana mba ho afaka hiverina any Congo hanarina indray ny fiainany ireo olona an-tapitrisa nafindra monina.

**28.** Mivavaha ho an'ireo vehivavy monina ao Mali, ao anatin'ny fahantrana faraidiny sy manana ny taham-pahaizana mamaky teny sy manoratra tena ambany, izay mahatonga ny fiainana ho sarotra. Miderà an'Andriamanitra noho ireo fampielezampeo 22 any Mali izay mandefa ny fandaharana « *Femmes d'Espoir* » *amin'ny fiteny « bambara* » (fiteny any Afrika Andrefana)

**29.** Enga anie Andriamanitra hanohy hikasika ny fo maratra, ireo izay matahotra, ireo irery sy kivy tanteraka. Ny fitiavany lehibe anie hampangetaheta ny vehivavy handray ny fifaliany sy ny fiadanany na inona na inona toe-java-misy. « *Ny anaran'i Jehovah dia tilikambo mafy; ny marina miezaka ho ao Aminy ka voavonjy.* » (Ohabolana 18:10)

**30.** Mivavaha ho an'ireo vehivavy mitokana noho ny ny fomba fanao ara-kolontsaina sy ara-pinoana, izay mifehy azy ireo ary manohitra ny Filazantsara. Ny fampielezampeo irery ihany no afaka tonga any amin-dry zareo any ambadiky ny varavarana mihidy, mba handre ny momba ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fanomezana ny famonjeny anie ny maro.

TWR Femmes d'Espoir, un ministère de
Trans World Radio (TWR) apporter l'espoir en Jésus aux
femmes du monde entier à travers les générations.

twr Femmes d'Espoir

# Mivavaha ho an'ny Vehivavy any Afrika Andrefana sy any Afrika Afovoany

(Bénin, Burkina Faso, Cameroun, République de Centre Afrique, République Démocratique du Congo, Ghana, Côte d'Ivoire, Libéria, Niger, Nigéria, Sierra Leone, et Togo)



## Calendrier de prière
## Jona / June 2018

*Malagasy*

Ny firenena any Afrika Andrefana dia manan-karena amin'ny diamondra, volamena, solitany (pétrole), "*uranium*" sy harena an-kibon'ny tany hafa koa, saingy ny vahoaka any dia anisan'ireo vahoaka mahantra indrindra eran-tany. Ny fahamaroan'ny harena voajanahary matetika dia zary ozona fa tsy fitahiana ho an'ny mponina eo an-toerana. Ny fitantanana ratsy an'ireo harena ireo dia miteraka fotodrafitrasa voafetra, mahakasika ny sekoly ohatra, na ny hôpitaly, na ny herinaratra sy sehatra hafa koa. Tena mampalahelo izany ho an'ny mponina izay miady mafy mba ho tafavoaka velona. Ity fahakiviana ity dia mitarika fifandonana maro sy fikomiana izay mahatonga olona an-tapitrisany :

- hifindra monina sy hijaly noho ny tsy fahampian-tsakafo, noho ny tsy fahampian'ny rano fisotro madio sy ny toeram-pidiovana ;
- ary hiatrika hoavy tsy misy fanantenana.

Mifindra monina any amin'ny firenen-kafa ny vehivavy maro mba hitady fidiram-bola. Ny sasany dia voatery mivaro-tena na nalaina an-keriny ho takalom-bidim-panavotana mandra-pandoan'ny fianakaviany ny famotsorana azy ireo. Ny ankizivavy mandeha mianatra any an-tsekoly izay manantena ny hanana fiainana tsaratsara kokoa dia indraindray alain'ny mpikomy an-keriny. Maro no lasa ankizy miaramila ("enfants soldats") satria mikasa ny hiala amin'ity toe-javatra mahatsiravina ity.

Any amin'ireo faritr'i Afrika ireo, ny vehivavy matetika dia mijaly noho ny fombafomba ara-kolotsaina « *excision* » (atao amin'ny taovam-pananahana) *sy ny fanambadiana terena ho an'ny zaza, ary koa noho ny fitsaboana tena voafetra* (tsy misy firy) *izay mahatonga ny taha-pahafatesan'ny reny eo am-piterahana ho lasa ambony dia ambony. Maro amin'ireo izay tafavoaka velona amin'ny vohoka no mijaly noho ny voka-dratsin'ny « fistules obstétriques »* izay avy amin'ny fahasarotam-piterahana. Ankoatra izany, ny aretina azo sorohina toy ny tazomoka, ny aretim-pivalanana, ary ny aretin'ny taovam-pisefoana dia mitoetra ho antony fototra mahatonga ny fahafatesana ho an'ny vehivavy sy ny ankizy.

Ireo olona ireo koa dia tratry ny haizina ara-panahy izay mampiasa ny tahotra sy ny mpilalao ody, ny « *vaudou* », *ary ny mpamosavy, ary koa izay manendry fombafomba ara-kolontsaina sy ara-pivavahana. Ny fanabeazana voafetra dia vao mainka mandetika kokoa ireo olona tsy mbola mahafantatra ny Filazantsara sy ny kolontsaina am-bava ho ao anatin'ny haizina. Manasarotra ny fampianarana ny Filazantsaran'i Kristy izany. Ny fampielezam-peo TWR dia manatona azy ireo ao anatin'ny haiziny sy ny fahadisoam-panantenany. Ny fandaharana « Vehivavin'ny Fanantenana »* ("*Women of Hope*") dia manome ireo torohevitra mitondra ho amin'ny famonjena ary maneho ny fitiavana sy ny fanantenan'i Jesoa Kristy.

## Misaotra anao mivavaka …

*1.* Mivavaha ho an'ny vehivavy any Afrika Andrefana sy Afrika Afovoany izay sahirana mafy mitady izay ilain'ny fianakaviany, na dia kely aza ny loharanon-kareny, na dia tsy ampy koa ny fianarana sy ny fanampiana azony avy amin'ny fianakaviany sy ny manodidina azy.

*2.* Mba hanova ny fon'ireo mpitarika tompon'andraikitry ny fifandonana sy hetsi-panoherana manerana an'i Afrika Andrefana sy Afovoany anie ny Fanahy Masina, ary mba hampitsahatra ny fijaliana sy ny korontana izay misy fiantraikany amin'ny mponina sy mandrava fianakaviana maro. « *Koa mananatra voalohany indrindra aho mba hatao izay fangatahana, fivavahana, fifonana, fisaorana, ho an'ny olona rehetra, ho an'ny mpanjaka mbamin'izay rehetra manana fahefana, mba hiainantsika miadana sy mandry fahizay amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra sy ny fahamaotinana rehetra.* » (I Timoty 2 : 1-2)

*3.* Mba hanampy ny vehivavy sy ny ankizivavy ny kristiana hahatsapa fa sarobidy amin'Andriamanitra izy ireo, dia mba hanaiky ny fahamendrehana sy ny hery izay omeny azy ireo amin'ny alàlan'ny fiainana vaovao ao amin'i Kristy.

*4.* Ho an'ny fiarovana ny olona sy ny fitaovana ho an'ny fitaovana fampitana ("antennes"*) izay hahafahana manely any Afrika Andrefana ireo fandaharana « Vehivavin'ny Fanantenana »* (« Women Of Hope ») *amin'ny fiteny « bambara »* (fiteny any Afrika Andrefana), anglisy sy frantsay mba hanohizana ny fitondrana ny fanantenanan an'i Jesoa.

*5.* Ho an'ny mpandrindra nasionalin'ny Repoblikan'ny Afrika Afovoany sy ny olona mizara ny Fitiavan'Andriamanitra amin'ireo vehivavy any amin'ny hôpitaly izay mizara sakafo sy zavatra ilaina. Mivavaha ho an'ireo vehivavy izay niharan'ny herisetra mba hanaiky hanao fitiliana ara-pahasalamana izy ireo, mba hahafahany mahazo fitsaboana tsara raha misy aretina azony.

*6.* Mba hanatona ireo vehivavy 1300 ao anatin'ireo vondrom-bavaka miisa 39 izay amin'ny fiteny sango sy fiteny 5 hafa (banda, kaba, ngbaka, nzakara et yakoma) ny vehivavy any amin'ny Repoblikan'i Afrika Afovoany.

*7.* Ho an'ireo mpiasa an-tsitrapo izay mandika ny horonampeon'ny « *Women of Hope* » (Vehivavin'ny Fantenana) amin'ny fiteny sango mba hahafahana mandray am-peo sy manely ireo fandaharana ao amin'ny onjam-peo any amin'ny Repoblikan'i Afrika Afovoany.

*8.* Ho an'ny fitahian'ny Tompo eo amin'ireo tomponandraikitry ny vondrona miisa 30 ao Liberia sy eo amin'ireo vehivavy mivavaka manaraka ny fandaharam-bavaka isam-bolana koa izay naely amin'ny onjampeo roa. Mivavaha ho an'ireo vehivavy izay mitsidika fiangonanana mba hamporisika ny vehivavy amin'ny fifandraisany amin'Andriamanitra ary mba hanasa azy ireo hanomboka vondrom-bavaka.

*9.* Mba hovain'Andriamanitra ny fo sy ny fisainnana ary ny fihetseham-pon'ireo vehivavy voafonja ao Cameroun, ao amin'ny Repoblikan'i Afrika Afovoany, ao Liberia, ao Nigeria ary ao Mali, mba hiaina ho Azy izy ireo ao anatin'ny olan'izy ireo. « *Tsarovy izay mifatotra, ho toy ny miara-mifatotra aminy ianareo, ary izay ampahoriana, satria mbola eo amin'ny tena koa ianareo.* » (Hebreo 13 : 3)

*10.* Mivavaha ho an'ireo vehivavy sy tovovavy izay mbola marefo hatrany manoloana ny VIH, manoloana ny herisetra sy ny fahantrana na dia misy ihany aza ny fahazoan'izy ireo fampianarana sy fikarakarana ara-pahasalamana.

*11.* Mba hamaly ny filàn'ny mponina amin'ny lafiny mpampivelona ny manampahefana isam-paritra. Ny tsy fahampian'ny mpampivelona isam-paritra mantsy dia manampy trotraka ny olana amin'ny fitondrana vohoka, sy amin'ny « *fistules obstétriques* » ary amin'ny fahafatesana.

*12.* Mba hanaraka an'i Kristy isan'andro ireo vehivavy mpihaino ny fandaharana « *Women of Hope* » (Vehivavin'ny Fanantenana) ao amin'ny TWR any Ghana, any Nigeria sy any Sierra Leone, ary mba hampianatra ny Tenin'Andriamanitra amin'ny ankizy madinika izy ireo.

*13.* Ho an'ny vehivavy manana fahasembanana mba hahita fanantenana, fahamendrehana, fiarovana manokana ary fanekena sy fitiavana izy ireo any amin'ny toerana izay mino fa voaozon'Andriamanitra ny vehivavy.

*14.* Mba ho afaka hifandray amin'ny vehivavy espaniôla any Afrika Andrefana sy Afovoany ny "*Women Of Hope*" (Vehivavin'ny Fanantenana) ka hanasa azy ireo hiara-hivavaka amintsika amin'ny alalan'ny fampiasana ny fandaharam-vavaka amin'ny fiteny espaniôla.

*15.* Mba hahatsapan'ireo renim-pianakaviana ny fanaintainana ara-batana sy ara-pihetsehampon'ireo zanany vavy raha mitohy ny fomba fanao ara-kolotsaina « *excision* ». Io fomba fanao io dia mahazatra any Afrika Andrefana sy Afovoany.

**TWR Women of Hope** • P O Box 4232, Kempton Park, 1620 • +27 11 974 2886 • info@twrwomenofhopeafrica.org